



Foi et Lumière

Finoana sy Fahazavana

BELGIQUE-BELGE
P.P
5060 SAMBREVILLE
6/69330

Destinataire:

40, Boulevard Bischoffsheim, 1000 Bruxelles.
Taona faha 14, Laharana 5 - Janoary 2010

Mensuel - Editeur Responsable: Hery RASOAMANANA
Rue A. Chif. 31 - 6 200 CHATELINEAU

Matoandahatsoratra

TSY MISY

Mbola Manantitra ny fiarahabana tratry ny taona vaovao ho an' izay efa nifanatri-tava taminay na ireo efa nifanakalo firarintsoa an-tariby, an-taratasy na tamin'ny alalan'ny mailaka ny tenanay. Mirary taona feno fahasovana ho anao mpamaky tsy tapaka ny gazety izahay tompoandraikitra rehetra eto amin'ny "Finoana sy fahazavana": Ho «vavolombelona sy ho jiro manazava» mandrakariva amin'ny toerana misy antsika avy isika rehetra ry havana.

Ho firenena mahatsangy no hary ny firenentsika ary hiverina amin'ny laoniny ny fiandrianam-pirenena ka handry fahalemana ny vahoaka Malagasy. Mafy ary naharitra ny sedra n(m)ahazo antsika mianakavy taon'itsy: Manantenà indrindra anefa fa akaiky ny lohataona hitsimohan'ny «aina vaovao».

Ho fehin'izany dia indraminay ho anao ny tononkalon-dRado mampatsiahy fa tsy maharitra ny sedra nefa tsy maintsy andalovana. Mirary taom-pahasovana hoan'ny rehetra tompoko.

HR.

*Na misy aza sedra tsy maintsy setraiko
Manao bosivoanjo ny fiaina-maliako
Mainka hijoro ny fo sy ny saiko
Tsy maintsy mitohy ny kalom-balibako .*

*Na inona ronjon'ireo berisetra
Masiaka fifioka manao sesilany
Iaretako ireny satria manam-petra
Fa rivo-mandalo miserana ibany .*

*Izao no finoako ato anatiko ato
Na mbola mijaly aza abo ka misaona :
Tsy misy ny havandra hivanon-ko vato
Tsy misy ririnina mandavan-taona .*

Rado (10/09/1993).

ALAHADY 31 JANOARY 2010 .

FIFAMPIARAHABAN'NY MPIANAKAVIN'NY FINOANA TRATRY NY TAONA .

*12h : Fiarahamisakafo . samy mitondra , toy ny mahazatra ary iarahana avokoa. Zava-pisotro eo an-toerana. Tsarovy ny namanao .

*15h : Fanompoampivavahana sy Fandraisana .

*16h30 : Fiaraha misotro Dite/ kafe mafana .

Koa tariho ny namana rehetra fa vaovao ny taona . Entano ny havana aman-tsakaiza.

*Hafatra : Mifarana amin'io andro io ny fanoratana anarana ho mpikambana "Mahefa" (membre effecif) izay ahazoanao mandray anjara amin'ny fifidianana sy fanapahankevitra rehetra amin'ny Fivoriambe (fanavaozana komity) ny Alahady 28 Febroary 2010. Mifarana amin'io andro io koa ny fanoratana anarana hoan'ireo te hirotsaka hofidina Komity (2010-2012) . Koa aoka isika hanatona ny vaomieran'ny fifidianana nofidina manokana hiandraikitra izany asa izany.

*Ny Fanisanandro MKMB 2010 dia hamidy hatrany : 5 Euros, koa mampirisika antsika izay mbola tsy nahazo satria kely sisa no voatonta.

*Misy hatrany rakitra faharoa hanohanan ireo adidy nekentsika amin'ity taona vaovao ity : TOPAZA FJKM , Fanohanana ny Asa fitoriana Filazantsara FJKM (PEV), ny Mpianatra eny amin'ny Fakiolte Telojika Ambatonakanga ary ny Fiangonana FJKM .

DIMANCHE 31 JANVIER 2010 : REPAS FRATERNEL ET CULTE

12 H : Repas communautaire : chacun amène un plat, les boissons sont fournies.

15 H : Culte avec Cène, avec le pasteur Jeanne Sommer-Gotteland. 2ème offrande spéciale.

16 H 30 : Café – Thè.

Les calendriers 2010 sont en vente au prix de 5 Euros.

FAMPAHEREZANA SY HAFATRA

NY MARINA AMIN'NY FINOANA NO HO VELONA SATRIA
VELONA NY TOMPO .

(ISAIA 43.14-21).

Ry havako malala, «Ny Famindrampon'Andriamanitra no hohiraiko mandrakizay : hatramin'ny taranaka fara mandimby no hampahafantariny ny vavako ny Fahamarinanao» Izany ry havako no entina mamangy sy miarahaba anao sy ny ankohonanao ary izay mifandray aminao rehetra, noho ny Taona Vaovao 2010 izay nomen'ny Tompo ho antsika, hahazoantsika manome Voninahitra Azy eo amin'ny fiainantsika isan'andro. Satria velona ny Tompo dia tsara ny misaotra ary mihira ny famindrampony sy ny fahamarinany mandrakariva.

Ho aminao hatrany anie ny Fitahiana.

Amin'ity andro voalohany amin'ny Taona 2010 vao mitsidika ity ary, dia ny Isaia 43.14-21 no atolotry ny mofon'aina ho antsika . Ny Tompo Andriamanitra velona manao lalam-baovao sy hanafaka ny olony avy amin'ny fahababoana, ary ny marina no ho velon'ny finoana ao aminy.

1-FAHASOAVANA MITOBAKA HO AN'NY MINO

Faminaniana ny amin'ny fanafahana ny zanak'israely ho afaka amin'ny fahababoana tany Babylona no lazain'ny mpaminany eto. Filazana ny amin'i Kyrosy ilay hanafaka sy hamerina ny babo ho any amin'ny taniny avy.

Andriamanitra maniraka olona (mpanompo) ho an'ny olona raha milaza an'i Kyrosy. Andriamanitra miasa sy mandray an-tànana ny fiainan'ny vahoakany. Izy Ilay Andriamanitra Tokana sady Marina tsy hamela ny olony hijaly lalandava sy ho voagejan'ny fahavalo ary ny mpanani-bohitra. Taratry ny fahatongavan'Andriamanitra miaramonina amintsika ao amin'i Jesoa Kristy izay tonga hanafaka antsika tsy ho eo ambany vahohon'ny faharatsiana sy ilay ratsy koa izany, ka handraisantsika ny fanafahana sy ny famonjena noho ny finoana .

Io finoana ao anatintsika io no hamelona sy hitondra antsika ho amin'ny fanantenana. Raha tena matoky marina tokoa an'Ilay Andriamanitra Velona sady Tokana izay efa nanome an'i Kristy Velona ny olona, dia hahita ny famirapiratan'ny Voninahitr'Andriamanitra .

Tsy ho fanafahana ara-panahy fotsiny ihany no entiny ho an'izay mino, fa tena fanafahana amin' ny ratsy sy ny fangejana rehetra eo anivon'ny fiaraha-monina sy ny firenena. Fa ao anatin'ny ditran'ny fon'ny olona no hitobahan'ny fahasovan'Andriamanitra hamonjy sy hanavotra. Ka na izay tsy nahay misaotra aza dia hidera ny Voninahiny. Satria ny olona izay nantsoina amin'ny Anarany dia hitsangana ka hampielay sy hanome Voninahitra Azy.

Ry havako, ity taona vaovao diavintsika ity, mba ho taona hisaintsainantsika indray ny fitahiana sy ny fahasovana sesehena nomena antsika na dia tao sy ao anatin'ny fijaliana sy ny fangirifiriana lalina aza. Noho ny famindram-pon'Andriamanitra no mbola tsy naha lany ritra antsika noho ny heloka sy ny faharatsiana samihafa n any nataon'ny vahoaka n any mpitondra .

Raha mandinika ny faminiana voalaza eto isika, dia hahatsiaro koa ny manjo ny firenena Malagasy sy ny hafa izay mitovitovy zava-manjo aminy. Na tsy ao anatin'ny fahababoan'ny firenen-kafa mivantana toy ny nahazo ny zanak'israely aza, dia hahatsiaro fa misy ny fahabaoana an-kolaka, ny otan'ny fitiavan-tena, ny fireharehana, ny ady voninahitra, ny fifankahalana sy ny kolikoly. Babon'ireny ny firenena maro ary ao anatin'izany ny firenentsika.

Maro no mihevitra fa zavatra mora fotsiny sy adin'ny saina sy ny fahaizana amam-pahalalana izany. Ô! Tsia, tsarovy fa ny fanjakan'ny

ota sy ny asan'i satana no miditra eo amin'ny sehatry ny fiaraha-monina ka mandripaka ny maro amin'ny fomba samihafa sy eo amin'ny atao rehetra. Io ilay lazain'ny Apokalypsy, fa misy milaza fa mitafy ny finoana, nefa tsy izany fa manao ny finoana ho fitaovana, hany ka lasa synagogan'i Satana .

Antso ho an'ny mino rehetra ankehitriny , raha tiantsika ny hisian'ny Fiadanana eo amin'ny tany, tsarovy fa Andriamanitra efa nanome an'i Jesoa Kristy ary miantso fibebahana sy fiverenana marina amin'Izy Andriamanitra. Ny mino rehetra no antsoina ho amin'izany fiverenana izany, mba hanavotan'Andriamanitra ny fiaraha-monina ka hitobahan'ny fahasovana.

Tsy ampy ny hoe: Ento amim-bavaka ny vahoaka sy ny firenena, fa isika mihitsy no mila ny fanavaozana sy ny fibebahana ary mila miverina amin'Andriamanitra amin'ny finoana lalina sy ny fiovam-po hanafahan'Andriamanitra antsika tsy ho eo ambany fanapahan'ilay ratsy. Fa na hiantso sy hanasa fiaraha-mivavaka isan'andro aza isika, dia ho maro no ho tonga , kanefa ny ampahany betsaka mety ho fomba fotsiny, indrindra eo amin'ny mpitarika. Fa ny ilaina indrindra dia ny fiovam-po, ka tsy hilaza hoe tonga nanome voninahitra ny fotoambavaka, fa izao kosa, tonga nanolo-tena sy nanome Voninahitra an'Andriamanitra tamin'ny fiovam-po sy ny fanavaozam-panahy avy amin'ny filazantsaran'ny fihavanana, ary izany no fahasovana atobak'Andriamanitra ho antsika.

2-LALAM-BAOVAO ANY AN'EFITRA HO FANAFAHANA .

Toy ny any antany efitra ny olona ankehitriny, ary mitady ny lalana hanafahana azy mba hahitany ny mazava lehibe sy loharano hanafaka hetaheta azy ireo. Ao ny setrasetran'ny fiainana sy ny faharatsiana samihafa. Kanefa na dia ao aza izany rehetra izany, ny fivavaky ny maro dia mahery indrindra ary Andriamanitra hitondra ny olona hiala amin'ny maizina raha mino isika, mba handraisana ny mazava sy hisian'ny loharano velona na dia ao an-tany karakaina aza .

Tsy fantatsika izay mbola hateraky ny ampitso eo amin'ny fiainantsika sy ny zanak'olombelona, kanefa ny andro samy miteny amin'ny andro handimby azy, ary alina hanolo-pahalalana amin'ny alina izay handimby azy. Dia izao ihany, ny lalam-bavovao sokafan'Andriamanitra ho an'ny maro izay raisina amin'ny finoana dia mivoha eo alohan-tsika .

Ny Antso avo atao ho an'ny mino rehetra mba hizoran'ny maro ho amin'izany lalam-baovao any an'efitra izany, dia ny finoana sy ny fahatokiana , ka tsy hisy hisalalana intsony, fa ny antoka ho fanafahana dia ao amin'Izy Andriamanitra ihany, tsy hisalalana na ho entin'ny tahotra noho ny fahasahiranana sy ny olana mety ho avy. Andriamanitra hanome hatrany izay ilain'ny olona , na ny ho hanina na ny ho sotroina, tahaka izay nanafahany ny zanak'israely tany Egipta. Fa isika kosa, dia ny hanafahana antsika tsy ho eo ambany vahohon'Ilay ratsy, ary raha raisintsika amin'ny finoana izany dia ho hitanao fa ho taonan'ny fandriam-pahalemana ny taona hiainantsika.

Dia ho tanteraka tokoa anie izany fiverenan'ny maro amin'Andriamanitra izany, ary izaho sy ianao no antsoina hanambara ny fanafahana , ny fahasovana mitobaka ary ny lalam-baovao sokafan' Andriamanitra any an'efitra ho famonjena ny olony raha mino isika.

Ho tahian'Andriamanitra ry havako.

D'Elinivo J. Emmanuel, Mpitandrina .

ETUDE BIBLIQUE

JEAN BAPTISTE.

Jean le baptiste est l'un des personnages les plus populaires de la Bible. Dès l'école biblique, les enfants connaissent cet ermite ombrageux, vêtu de peau de bête, qui se « nourrit de sauterelles et de miel sauvage » et baptise Jésus en se sachant « indigne de dénouer la lanière de ses sandales ».

Les sculptures et peintures attestent de l'empreinte qu'il a laissée dans notre mémoire religieuse. Les traditions populaires lui ont également réservé une place à part, avec la « fête de la Saint-Jean », située au solstice d'été, alors que le soleil commence à céder du terrain devant la nuit. Car, comme le jour en ce premier jour d'été, Jean-Baptiste doit décliner, pour que le Christ grandisse (cf. Jean 3, 30).

Jean-Baptiste est donc célébré et reconnu. Mais son rôle est étroitement balisé par l'Écriture. Il appelle à la conversion, il est une voix qui « crie dans le désert pour préparer les chemins du Seigneur ». Ni plus ni moins. Alors que des groupes de « Baptistes » le célèbrent comme Messie, les rédacteurs des Évangiles le restituent à ses fonctions de précurseur et de témoin. Deux mille ans plus tard, le débat n'est toujours pas clos. Pour le judaïsme, Jean-Baptiste est un faux prophète ; pour l'islam, il est l'égal de Jésus ; pour le christianisme, il est à la charnière des deux alliances, « le plus grand des prophètes » et « le plus petit dans le Royaume ».

Alors, à la lumière de la Bible, que pouvons-nous savoir de la vie, la personnalité et la prédication de Jean-Baptiste ?

De la vie de Jean-Baptiste, quelques péripéties nous sont familières, à commencer par ... sa mort. De nombreux tableaux représentent la danse de Salomé et la décapitation du Baptiste. Matthieu nous en raconte les circonstances (Mt 14,1-12) : Jean ayant reproché à Hérode des mœurs coupables (le roi a « séduit » Hérodiade, la femme de son frère), le roi l'a arrêté et emprisonné. Salomé, fille d'Hérodiade, « ayant plu à Hérode », elle exige de lui la mise à mort du prophète. Contre son gré, Hérode tue Jean et apporte à Salomé sa tête sur un plateau.

Par Luc, nous connaissons également son ascendance et les circonstances de sa naissance (Luc 1,5-25 ; 39-80). Jean est contemporain et cousin de Jésus. Zacharie, son père, est prêtre. Sa mère Elisabeth est de la descendance d'Aaron. Tous deux sont qualifiés de « justes » (ils obéissent à la volonté de Dieu). Comme Sarah et tant d'autres femmes de la Bible, Elisabeth est réputée stérile et reçoit, par l'intermédiaire de Gabriel, la bonne nouvelle d'une maternité imminente. La vocation de Jean-Baptiste est posée dès son origine et révélée par Zacharie : l'enfant à venir « sera appelé prophète du Très-Haut » car « il marchera devant, sous le regard du Seigneur, pour préparer ses routes ».

Si les trois premiers évangiles exposent la prédication du Baptiste, Luc la précise (Luc 3,1-18). Vivant dans le désert, prêchant la repentance et la conversion, Jean-Baptiste affiche sa rupture avec la classe sacerdotale d'Israël. Il rejette tout compromis et exhorte le croyant à vivre selon sa foi, sous peine d'être exposé à la « colère qui vient ». Il baptise ceux qui désirent cette vie nouvelle ; mais que les baptisés ne se croient pas ainsi en règle avec Dieu ! Dans la lignée des plus grands prophètes qu'Israël ait connus, Jean-Baptiste dit avec force que le Seigneur attend un changement réel et radical de mode de vie. « Produisez donc des fruits qui témoignent de votre conversion ! ».

Jean-Baptiste regroupe autour de lui un petit groupe de disciples. Il leur apprend à prier et à pratiquer le jeûne (Luc 11,1-2). Ces « Baptistes » entrent en contact avec le Christ et les apôtres. De la part de Jean, ils demanderont à Jésus s'il est bien le Messie et le questionnent sur les rites et le jeûne. Pourquoi ne les respectent-ils pas davantage ? Le Baptiste désigne Jésus comme Messie. Malgré tout, certains de ses disciples ne suivent pas Jésus et restent fidèles à leur « maître spirituel ». Aujourd'hui encore, des traditions religieuses confessent Jean-Baptiste

comme leur guide (p.e les Sabéens qui regroupent quelques centaines de milliers de fidèles en Irak notamment ou les Mandéens, présents dans les mêmes régions). De même, le Coran laissera une place éminente à Jean le Baptiste, appelé « Yahya » (« il vit »). Selon les textes coraniques, Jean ressuscite des morts. Elevé au ciel, il est le « Sacrificateur par excellence de la Mort au Jour des Comptes ». Il participera au jugement dernier, sous la forme d'un bélier. Jean-Baptiste acquiert une part de la gloire et de la souveraineté qui, pour les chrétiens, n'appartient qu'à Jésus.

Comment Jean se définit-il par rapport à Jésus ?

Il rencontre Jésus alors que celui-ci vient se faire baptiser par lui. Les quatre Évangiles font référence à ce baptême. Dans le quatrième Évangile, Jean « voit » l'Esprit descendre sur Jésus et demeurer en lui (Jean 1,33-34). Il témoignera de ce qu'il a vu. D'emblée, le Baptiste reconnaît la prééminence de Jésus. Il n'aura de cesse de le rappeler et de le préciser.

Selon l'Évangile de Jean, des prêtres, des lévites et des pharisiens vont lui en donner l'occasion (Jn 1,19-34). En baptisant, Jean introduit un nouveau rite de purification. Ces envoyés mettent en doute la légitimité de son action. Qui est-il pour agir ainsi ? Quelle est son autorité ? Est-il le Messie ? Elie ? Le Prophète ?

Chacune de ces questions renvoie à une attente religieuse.

Le Messie est Celui qui doit venir instaurer le Royaume de Dieu.

Le livre de Malachie affirme qu'Elie, enlevé au ciel, reviendra sur terre, avant le grand jour, pour préparer les peuples à la venue du Messie et du jugement dernier (Ma 3,23). Mathieu, Marc et Luc ont retenu que Jésus lui-même avait identifié Jean-Baptiste à cet Elie qui doit revenir (Mt 11,14 ; 17,10).

La suggestion du Prophète repose sur la déclaration de Moïse en Deutéronome 18,15. Moïse annonce qu'un jour Dieu suscitera au milieu du peuple « un prophète comme lui ». C'était une des figures de l'espérance juive que ce Prophète des derniers temps, semblable à Moïse, chef et rassembleur du peuple, le conduisant à une libération définitive.

À ces trois questions, Jean répond par la négative : « Je ne le suis pas ». Il refuse d'être classé dans une catégorie d'ordre messianique. Cette première déclaration est comme l'annonce en creux des solennelles auto-affirmations de Jésus qui jalonnent le quatrième Évangile : « Je suis » (« le pain de vie », « le chemin, la résurrection, la vie » etc.).

Enfin, Jean donne de lui une affirmation positive. Il n'est pas la Parole ; il est une voix qui annonce le Christ et appelle à « aplanir les chemins du Seigneur ». Pour ceux qui l'interrogent, il n'a donc pas la légitimité nécessaire pour instaurer un nouveau rite pénitentiel. Mais peu importe. Car l'essentiel n'est pas le baptême d'eau mais le baptême d'Esprit inauguré par Jésus. De même que Jean plonge les baptisés dans l'eau du Jourdain, Jésus communiquera l'Esprit et permettra aux croyants d'être immergés dans une vie nouvelle. L'essentiel n'est pas ce qu'il est mais ce qu'il annonce ou plutôt Celui qu'il annonce. Il n'est qu'un témoin qui doit s'effacer devant Celui qu'il désigne : le Messie, « l'agneau de Dieu qui enlève le péché du monde » (Jn 1,29).

Il est « l'ami de l'époux » qui se réjouit de l'entendre (Jn 3,29).

Ainsi, la vocation de Jean est d'éclairer le Messie et non pas de lui faire de l'ombre. Il doit diminuer pour que Jésus grandisse (Jn 1,30).

N'est-ce pas là aussi la vocation de l'Église ? Comme le Baptiste, n'avons-nous pas à dire au monde l'exigence de Dieu ? À témoigner du Christ sauveur sans jamais nous substituer à Lui ? À nous tenir **au coté de l'Époux ?**

Que se soit là notre joie et qu'elle soit parfaite ! (Jn 1,29).

Vincent NÈME-PEYRON , Pasteur ERF.

HAFATRA KRISIMASY.

«Ny olona izay mandeha amin'ny maizina dia mahita mazava lehibe; Izay mitoetra amin'ny tany aloky ny fahafatesana no iposahan'ny mazava.» (Isaia 9:1).

F iadanana anie ho aminareo ary mirary fahombiazana ka ho salama sy ambinina amin'ny zavatra rehetra ,ho aminareo anie ny Tompo .

Lehibe Jehovah, ary amin'ny maha Lehibe Azy dia mahita ireo fiainan'ny tsirairay Izy ka mahalala ny hitondrany ny olony sy ny hamonjeny azy .

Nitoetra tao amin'ny maizina ireo mpiandry ondry na ireo magy ary tao amin'izany maizina izany no nahitany mampirapiratra manodidina azy . Paoly koa nahita mazava izay nahajamba ny masony mihitsy na dia atoandro aza ny andro . Josefa manoloana ny adin-tsaina nahazo azy satria bevohoka Maria vadiny ka noeritretiny fa mety nanao hadalana tany ho any ka notongavan'ny anjely tamin'ny nofy mba hazava ny sainy fa Zanak'Andriamanitra io , tonga nilamin-tsaina izy.

Ary tao amin'ny maizina koa ireo jamba roa lahy izay nanaraka an'i Jesosy ka tonga nahiratra satria nahalala izay nangatahiny tamin'ny Tompo (Mat.9:27-30). Tao amin'ny maizina koa ireo narary maro fa avahana amin'izany ilay vehivavy narary nandritra ny 12 taona sy nandany ny fananany mitady fitsaboana ka tonga sitrana rehefa nifanena tamin'i Jesosy (Mar.5:25 -34) ; ary tao amin'ny maizina koa ilay vehivavy mananotena maty zanaka nefa iray monja dia io maty io ny zanany fa soa fa teo Jesosy Ilay mahita ny miafina ka velona ireny satria Izy Andriamanitra no Tompon'ny aina.

Fantaro hoe : Inona no maizina ka tsy ho resin'ny mazava ? ary aiza no misy voalavo mitady saka hohanina ? ary taiza no misy mpanamory sambo ka hangetaheta (main-tenda)?.

Ry havana malala ao amin'ny Tompo, ny olana rehetra dia aizina fa ny vahaolana amin'ny maizina dia ny Mazava ihany, ary ny fahefan'ny mazava dia tsy mampanakery avy hatrany ny aizina ary miantoka ny mahaizy azy ny zavatra iray.

Misy fotoana anefa Jesosy no manatona ny olona manana olana, ary misy fotoana asainy entina eo aminy ny olana sasany .Inona ny antony hoy ianao?

-Manatona Izy amin'ireo tsy mahalala ny lalan-kombany izay tsy mba nahafantatra Azy akory satria fantany fa mila vonjy ireo.-Ho an'ireo efa mahalala dia mitaky Izy hoe: Mankanesa aty amiko ianareo izay miasa fatratra sy mavesatr'entana fa izaho hanome anareo fitsaharana:

Ny fandresen-dahatra ny fony sy ny finoany no vahaolana aminy. Izany hoe dinihin'Andriamanitra ny fontsika manoloana ny fanapahan-kevitra noraisintsika .

Mahereza hotahian'Andriamanitra anie hianareo, mirary fiadanana ho anareo .

Ramahefamanana Andrianaivo J. Mpitandrina .

SOCIETE.

Décrypter le langage du conflit .

Nous n'aimons pas les conflits et nous essayons de les éviter. Pourtant le conflit est une réalité incontournable qui fait partie de l'expérience humaine. Il est donc nécessaire d'en décrypter la signification.

Le conflit exprime toujours une frustration, un mal être, la souffrance d'une personne ou d'un groupe. C'est souvent un appel qui veut dire : « j'existe », « je compte aussi », « ne me traitez pas comme un simple pion » .

On croit souvent que le conflit fait partie de la logique de l'avoir. Comme si les hommes se montraient agressifs uniquement quand on menace leurs biens . Grossière erreur car l'homme et la femme sont

capables d'une violence très sophistiquée pour être, c'est-à-dire pour être reconnus et compter aux yeux des autres.

On ne comprend pas les actes des jeunes, par exemple, qui mettent le feu aux voitures : leur violence paraît gratuite car ils n'en tirent aucun profit matériel. Mais ces comportements, gratuits au niveau de l'avoir, ne le sont pas au niveau de l'être. Quand ils s'en prennent aux véhicules, ces jeunes, admirés par leurs copains, occupent le devant de la scène dans les médias. Leur violence signifie : « nous sommes là, nous existons aussi . »

Dans un conflit, on doit donc essayer de discerner ce qui a pu provoquer telle ou telle tension familiale ou sociale. Commence alors une phase d'écoute et de dialogue avec celui qui a exprimé son mal être. Un adolescent qui ne se sent pas compris par ses parents, un conjoint qui a l'impression de ne plus compter pour son partenaire, des travailleurs qui se sentent manipulés par leur patron doivent être entendus. Reste ensuite à essayer de prendre en compte les appels .

La foi chrétienne aide-t-elle à résoudre les conflits ? Certainement, mais on doit se méfier des incantations bien pensantes qui entretiennent l'illusion d'un monde fraternel idéal où tous les hommes devraient s'aimer sans jamais s'affronter. La foi ne peut, non plus, nous inviter à fuir le conflit, et la peur de l'affrontement ne doit pas empêcher le croyant de rester fidèle à ses convictions. Le Christ a chassé les marchands du Temple et il s'est opposé aux Pharisiens .

Si la foi ne donne pas de recettes pour résoudre les conflits, elle indique ce que doit être l'attention respectueuse à l'égard de celui auquel on se heurte. Elle nous invite à ne pas enfermer l'autre, dans sa colère, dans son obstination, dans son refus. Elle nous incite aussi à croire que, malgré les incompréhensions, il est possible de trouver un terrain d'entente. L'essentiel est de parvenir à une solution qui n'écrase et n'humilie personne.

Yves de Gentil-Baichis.

THEOLOGIE.

Corps et religion dans l'Eglise protestante.

Le protestantisme participe de l'Eglise chrétienne, dont il ne prétend pas constituer, à lui seul, la juste et parfaite expression.

En protestantisme, c'est la foi des fidèles qui constitue l'Eglise, et non pas l'Eglise qui constitue la foi des fidèles. C'est pourquoi notre thème sera traité ici dans le cadre de l'Eglise protestante et non du protestantisme ; il est tout à fait envisageable que des protestants adoptent telle pratique individuelle, parce qu'ils l'estimeront conformes à leur foi, sans que ces pratiques soient prescrites par l'Eglise.

La seule norme générale reconnue en protestantisme, en dehors de la relation à Dieu par la foi – laquelle, je le rappelle, n'est pas du ressort de l'Eglise – est la Bible. Je tirerai donc « de la Bible seule » (sola scriptura) les critères de mon propos.

Une question qui n'en est plus une .

Notre thème, « la religion et le corps », pourrait faire l'objet d'un traitement des plus rapides, voire expéditif, dans le cadre du protestantisme. Il n'y existe en effet, et conformément à l'Evangile, aucune prescription, rituelle ou générale, relative au corps, son vêtement, sa nourriture, son hygiène, qui conditionnerait le rapport du fidèle à Dieu ou réglerait son rapport au monde.

Nous trouvons, entre autres textes bibliques à l'appui de cette affirmation : dans le livre des Actes, chap 10, versets 9 à 15, le récit de la vision par Pierre d'une nappe descendant du ciel, sur laquelle se trouvent tous les animaux du monde, accompagnée d'une voix qui lui dit : « Lève-toi, tue et mange (...) Ce que Dieu a déclaré pur, ne le regarde pas comme souillé ». Ce récit exprime l'abolition évangélique des prescriptions alimentaires. « Tout est permis, mais tout n'est pas

utile ; tout est permis, mais tout n'édifie pas », écrit par ailleurs Paul (1Co 10,23), suppléant ainsi la responsabilisation individuelle aux prescriptions religieuses. Mais le texte fondamental en la matière est le « résumé évangélique de la loi » : « Tu aimeras le Seigneur ton Dieu (...) et tu aimeras ton prochain comme toi-même », prononcé par Jésus en réponse au scribe qui lui demandait : « quel est le premier de tous les commandements ? » « Il n'y a pas d'autre commandements plus grands que ceux-là », conclut Jésus (Mc 12, 28-31), abrogeant de fait, en matière de justification, toutes les autres prescriptions de la loi. « De ces deux commandements », écrit pour sa part Matthieu, « dépendent toute la loi et les prophètes. Comme Paul, Jésus interpelle la fidélité au lieu de la prescrire.

L'Évangile abolit toute médiation rituelle, c'est-à-dire religieuse, entre l'homme et Dieu, ou plus exactement entre Dieu et l'homme auquel il décide de s'adresser, par la médiation de Jésus-Christ (Jn 4,20-24) - médiation qui n'en est pas une, à proprement parler, dans la mesure où la foi chrétienne reçoit en Jésus-Christ une manifestation, une épiphanie véritable de Dieu (Jn 1,18). Le rituel est aboli au profit de la relation, appelée « foi ». Le protestantisme proclame le salut « sola fide ».

L'abolition par le protestantisme de la prêtrise - c'est-à-dire de tout intermédiaire rituel entre Dieu et les fidèles - et de l'ordination qui l'établit, relève de cette logique évangélique. La religion ne joue donc plus aucun rôle médiateur : elle ne représente pas Dieu, mais elle organise seulement la proclamation de sa venue (la fin du rituel pour la relation), ainsi que la diffusion et l'enseignement de sa Parole - ce que signifie « l'Église corps du Christ » (1 Co 12) : le corps porte et transporte la Parole).

A ce sujet, il faut ici signaler que la « robe pastorale » portée traditionnellement par les pasteurs - par ailleurs nullement obligatoire - n'est pas un vêtement liturgique, signifiant une capacité rituelle particulière (comme l'aube et l'étole en catholicisme), mais un vêtement doctoral, signifiant la formation universitaire indispensable à la compétence du prédicateur. C'est un vêtement laïc, qui ne se distingue en rien, par exemple, de la robe des magistrats et des avocats.

L'Évangile consiste donc en une déritualisation de la relation à Dieu et, par le même fait, du rapport au monde. Car en réalité, les rituels consistent largement à exorciser la peur du monde, à se garantir ou conserver telles protections ou faveurs de Dieu, comme les nombreuses dévotions pratiquées en cette fin de Moyen-Âge, à l'époque de Luther, et toutes abrogées comme œuvre méritoire par la Réforme : la peur du monde, en effet, est résolue par la révélation du salut *sola gratia*, *sola fide*, autrement dit, par le don inconditionnel par Dieu d'une relation directe et de libre dialogue avec lui (Mt 6,6).

N'abusez pas des bonnes choses !

On trouvera, dans plusieurs lettres de l'apôtre Paul, des recommandations liées au corps et à la nourriture, ou plus précisément sur la façon de la partager en Église. Ces recommandations sont d'ordre pastoral, donc contextuel. Elles n'établissent pas de règles rituelles générales.

Dans sa Première Lettre à l'Église de Corinthe (1 Co), au chapitre 11, Paul demande aux femmes de se voiler, dans les assemblées religieuses, comme signe de « l'autorité masculine dont elle dépend ». Ne l'oublions pas, nous sommes au 1er siècle, et notre propre république française n'a accordé aux femmes le droit de vote qu'il y a 64 ans. Cette prescription est bien contextuelle, adressée à Corinthe seulement, cette grande ville portuaire et riche, où les mœurs étaient volontiers festives. Paul exhorte à ne pas faire des assemblées des lieux de séduction et d'exhibition sociale, ni de libation excessive, comme il l'exprime à la suite du même chapitre. Il exhorte à l'humilité qui convient à témoigner du Dieu qui s'est, lui-même, humilié au service des hommes.

Au demeurant, cette parole contextuelle s'efface devant une autre parole du même Paul, dans sa Lettre aux Galates, parole à portée universelle celle-ci : « Vous êtes tous fils de Dieu par la foi en Christ-Jésus (...) Il n'y a plus ni juif ni païen, ni esclave ni libre, ni homme ni femme, car

tous vous êtes un en Christ-Jésus. » (Ga 3, 26, 28). Parole puissamment novatrice au 1er siècle... et aujourd'hui encore..?

Dans cette même 1ère Épître aux corinthiens, nous trouvons auparavant (chp. 10), la recommandation de « manger de tout ce qui se vend sur le marché, sans se poser aucune question par motif de conscience (...), sauf si quelqu'un vous dit : ceci a été offert en sacrifice : n'en mangez pas, par motif de conscience : non pas la vôtre, mais celle de l'autre » (v. 28-29). Paul recommande donc de s'abstenir de participer à un tout rituel sacrificiel, non pas que cela pourrait nuire au chrétien, qui sait, lui, qu'il s'agit de nourriture et de rien d'autre, et qu'il n'en a rien à craindre, pas plus que de la divinité, fictive bien sûr, en l'honneur de laquelle l'animal a été sacrifié, et avec laquelle le repas est censé mettre en communion, pour s'en assurer les bonnes grâces ; non pas pour se préserver donc, mais pour édifier ses hôtes, les amener, par ce témoignage, à se libérer des dépendances rituelles et idolâtres.

